



40, Boulevard Bischoffsheim  
1000 BRUXELLES

# FOI et LUMIERE

## FINOANA sy FAHAZAVANA

BELGIQUE - BELGIE  
P.P  
5060 AUVELAIS  
P 834



Taona faha-17 / Laharana 3

Janoary - Febroary 2014

Editeur Responsable : Hery RASOAMANANA  
Rue A.Chif 31 - 6200 CHATELINEAU

### Matoandahatsoratra

#### Ho taonan'ny Fahasahiana.

Tsy azo atao ny tsy hijery ny fitaratra fitiliana ny aoriana rehefa mitondra fiara (retroviseur) raha hiainga ianao na hivily lalana, na koa haka toerana .Tsootra ny antony : ny ieren-doza.

Miandoha ity ny taona : tarafy ny lalana nodiavinao taon'itsy ahazoana manitsy na manatsara ny ampitso raha mankafy fandrosoana ianao. Nisy ny nety? Tohizo. Nisy ny tsy nahomby: zahao ny antony. Nisy ny nahatezitra ny hafa taminao? Tsy hatao toy ny lalan-dririnina intsony fa dia ovàna e! Ets... Fehiny: Maka lesona hatrany ny olombelona, indrindra ny kristiana, amin'ny fitarafana ny lalany teo aloha ... Izay tsy tianao atao aminao dia aza atao amin'ny hafa raha liana amin'ny fandrosoana isika (Tenin'i St Thomas). Tia tena isika raha tsy mijery ny lasa ary mila mitandrina sao manao jonjorembina ka hampitera-doza ny fiarahamonina . Sahia ary aza be ambom-po.

Tsikaritra anefa fa tsy mora amin'ny zanak'olombelona izany hoe " manitsy tena " izany . Tsy mora satria « raha maty aho, matesa rahavana... ». Ny manitsy teny dia mety ho vita ihany fa ny manitsy « toetra » dia mitaky fanetre-tena sy fahamoram-panahy. Fampianarana ambony omen'i Kristy ho an'izay te hanaraka Azy io fanetretena sy famoram-panahy io. Fitiavana no amalonan'ny Teolojiana na ny mpandinika baiboly ireo teny ireo. Marihina kely fa hafa ny «fandeferana » (hoesahintsika any aoriana kely any ). Tsy kristiana ny kristiana raha tsy sahy mandinin-tena alohan'ny andraisany fanapahankevitra na mialohan'ny andraisany andraikitra iray na andiavany ny taona vaovao. Raha nisy tsy nety na tsy nahomby dia sahia milaza hoe « hareniko iny amin'ity taona ity ». Aza mitady ny fototry ny tsy fahombiazana any amin'ny hafa fa apetraho aminao aloha ny fizahana.

Tamin'ny fiandohan'ny taon-dasa dia hoy izahay «ho taonan'ny fahavitrhina» (zahao Finoana sy Fahazavana Janoary -Feb. 2013). Navitrika ve isika ? Fa ny rary ataonay ankehitriny kosa ho antsika mpamaky ny gazety dia izao : « ho taonan'ny fahasahiana ». Sahia ary aza mihemotra manoloana ny tsy rariny na ny tsy fahamarinana. Ary mila mandinika hatrany amin'izay kinasana rehetra mba tsy ho amintsika no ahazoana ilay fitenin-drazana manao hoe : « ny firain'ny vava mameno lohasaha nefa ny firain'ny tànana eran'ny voatondro»! Mampatsiahy fa foana ny finoana tsy misy asa. Dia samy hotratry ny hoavy indray ary « sahia » fa aza manota !

Hr.

**Tratry ny taona**  

"Ny fanantenana no namonjena ny mino"  
(Rom. 8 : 24a)

**Dimanche 26 Janvier 2014**

- 12h Fiarahamisakafy taombaovao** (aza adino ny anjaran'i Jesoa !)
- 15h Fanompoampivavahana sy Fandraisana.**  
Hanafana ny fotoana ny Amboarampeo "Ny Avana"  
Mpitantrina : Daniel Vanescote

Mbola misy ny fizarana ny vilanitany .  
Mbola misy ny fanisanandro MKMB 2014 .  
« Manavao HERY anao ny miara mivavaka . » Tongava !

Tsidilo  [www.mkmb.be](http://www.mkmb.be) Eglise du Botanique (Métro Botanique) - Bruxelles.

**Foi et Lumière**  
FINOANA sy FAHAZAVANA

## TONONKALO

### Arahaba

*Arahaba tratry ny taona no hafatra atolotro anao vetivety, na tsy hihaona fa dera mitondra vaovao.*

*Arahaba tratry ny taona ka ny hoe hasambarana no tiako mba hanoloana sy tsy ho hita mifarana.*

*Arahaba tratry ny taona ka ny hoe fanambinana no tiako hirotsaka foana hiampy irony fidinana.*

*Arahaba tratry ny taona ka izay mbola hafaliana no tiako, na tsy ahoana, hitobaka be fitahiana.*

*Arahaba tratry ny taona ka ny hoe fahombiazana no tiako mba tsy hivaona sy moramora hotoazana.*

**Fredy JAOFERA**

## Fampaherezana

### **Salamo 90 : 12 . « Mampianara anay hanisa ny andronay hahazoanay fo hendry »**

Ny Salamo faha 90 : 1-17 ry havana dia vavaka nataon'i Mosesy mpanompon'Andriamanitra maneho ny fiankinany Aminy na dia mandalo faingana aza ny andron'ny zanak'olombelona (70 na 80 taona...) ; sady koa mbola isehoan'ny fahatezeran'Andriamanitra . Nampivezivezen'Andriamanitra 40 taona tany an'efitra ny zank'Israely ho famaizana azy noho ny tsynankatoavany sy nitokiany Ilay Andriamanitra hatrizay hatrizay ka ho mandrakizay . Niaiky ny fahadisoany iretoolomboafidin'Andriamanitra ireto ary dia nivavaka Mosesy mba :

#### **I – Ampahafantaran'ny Tompo azy ireo fa voaisa ny androny .**

Tsapan'i Mosesy mantsy ry havana fa Jehovah Andriamanitra ihany no fialofan'ny taranaka faramandimby . Ilaina ary ireo olony ahatakatra fa lzy ihany no hany manampahefana hamelona na hahafaty azy ireo . Ny hevitr'izany dia dia izao : io fotoana ahavelomantsika ety an-tany io dia bitika raha oharina amin'ny mandrakizay mbola iarahan'ny mino mitoetra amin'Andriamanitra sy Jesoa Kristy . Hoy ny Tompo mampahatsiaro antsika : « fa vovoka ianao ary hiverina amin'ny vovoka indray . » Izany hoe na dia maniry ny te ho elavelona aza ny olona dia tsy ho tanteraka izany raha tsy sitrapon'Andriamanitra . Na mivoady ny ho faty koa aza izy fa tsy mahatanty fahoriana na lazon'ady samihafa dia tsy maintsy miandry ny sitraon'Andriamanitra . Hoy indrindra lzy ao amin'ny Deotornomia 32 : 39 : « fantaro ankehitriny fa izaho dia izaho no lzy, ka tsy misy andriamanitra eto amiko . Izaho no mahafaty sy mahavelona ... »

Noho izany raha asaina mianatra hanisa ny androny ny mino dia : ilaina hisaintsaina isan'andro fa isaky ny mifarana ny andro iray itomboan'ny fahavelomany dia miha antomotra kosa ny fotoana hiatrehany ny fitsaran'i Kristy . Hoy ny voasoratra ao amin'ny II Korint 5 : 10 « Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataony na tsara na ratsy . » . Koa raha mety ianao , andeha isika hanaiky an'i Jesoa ho Tompo sy Mpamonjy, hankato ny teniny, hanatanteraka ny sitrapony ary honerana ny andro sisa ivelomana mba :

#### **II- Hanana fo hendry .**

Ny fo hendry dia ny fo matahotra (manaja) an'Andriamanitra izany hoe mikatsaka mandrakariva amin'ny alaln'ny fitarihan'ny Fanahy Masina ao anatin'ny tsy hanao izay mampalahelo an'Andriamanitra . Mahay mandanjalanja ny tokony sy ny tsy tokony atao . Solomona mpanjaka ohatra teo am'ny fitondrany fanjakana dia nangataka izany fahendrena izany tamin'Andriamanitra . Tsy nisy mpanjaka hendry tahaka azy na ny teo alohany na taoriany , ary dia

mbola nomen'Andriamanitra ho azy koa ny harena, ny voninahitra izay mampalaza azy eran-tany .

Ry havana, isika kristiana koa dia notaomin'i Jesoa Kristy : « koa amin'izany aoka ho tanteraka hianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo izay any an-danitra (Matio 5 : 48) - noho izany ilaina ny ananantsika fo hendry .

-Mila mivavaka isika hahazoantsika an-tsaina mazava tsara ny hahozehan'ny androntsika : mila mangataka ny Fanahy Masina isika hampianatra hahazantsika mampiasa tsara ho araka ny sitrapon'Andriamanitra ny andro omena ny tsirairay .

-Ny fiainan'ny mino ety an-tany dia fanomanana ny fiainan-danitra , ilaina ny manomana ireo ankohonana , namana , mpiray firenena fa « mandalo izao fiainana izao sy ny filàny ; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay . » I Jaona 2: 17) .

ADELINE RAZEFANIA, MPIANDRY FJKM FENOARIVO .

## Prédication

### **Galates 4, 5-7**

Telle est la déclaration centrale de l'apôtre : Si vous appartenez au Christ, c'est donc que vous êtes la descendance d'Abraham ; selon la promesse, vous êtes héritiers. La première partie du verset fait référence à ce qui précède, à savoir que si, dès le commencement de l'histoire sainte, la foi justifie et non la loi, alors ceux qui ont foi dans le Christ, accomplissement de la loi, sont bien spirituellement de la descendance d'Abraham : quels que soient l'origine (Juif ou Grec), la condition sociale (esclave ou homme libre) et le sexe (homme ou femme) (cf. cf. Gal 4, 28). La constitution d'une communauté chrétienne s'avérait donc révolutionnaire, effaçant les barrières et droits de l'Empire, mais aussi celles du judaïsme, particulièrement celles relatives au pur et à l'impur.

La seconde (selon promesse...) explicite la qualité de filialité induite par la notion d'héritage. La filialité était en quelque sorte ethniquement naturelle pour les chrétiens d'origine juive, et plutôt adoptive pour les païens, mis au bénéfice des promesses faites à Israël ; ouverture indiquant l'universalisme du salut. Dans les deux cas de figures, l'apôtre a néanmoins à cœur une filialité spirituelle, c'est-à-dire par la foi au Fils, fruit gracieux de la volonté du Père et en ce sens, adoptive pour tous.

Historiquement, l'adoption, coïncidant le cas échéant avec l'affranchissement (l'adopté pouvait être un esclave), était une procédure courante au sein de l'élite romaine, tandis que le droit israélite l'ignorait. L'idée pointe donc à la fois la générosité de l'offre divine, sa dimension libératrice, mais aussi, concernant le caractère élitaire de cette offre, une élévation de statut et de dignité. En d'autres termes, il n'est pas de dignité plus haute que celle d'être fils dans le Fils, ou aimé de Dieu.

**« Isaorana anie ny Tompo Izay mitondra ny entan-tsika isan-andro isan-andro, eny, Andriamanitra Izay famonjena antsika. »  
(Salamo 68 :19)**

Reste qu'il a y a deux manières, pour l'héritier, de vivre de l'héritage accordé dans le Christ : - l'une en situation de dépendance, celle de l'enfant non encore autonome, bénéficiaire en titre et en droit, mais non en actes, soumis à des tuteurs et à des régisseurs jusqu'à la date fixée par son père. Maître de tout en tant qu'héritier, mais non maître de lui-même en tant qu'enfant soumis à la loi. L'Apôtre apparente cette situation à celle de l'esclave ; en Rm 8, 15ss, il caractérisera la condition d'esclave comme habitée par la peur.

- l'autre en situation d'autonomie, de maturité et de liberté. Non pas tant par rapport au Père dont l'enfant est spirituellement l'héritier naturel et reconnu, mais par rapport aux règles de l'enfance. La date fixée par le père de la sortie de la dépendance et de la soumission, ou l'accomplissement du temps, c'est la venue du Fils, ou le lien de la foi libérée de la loi ; la loi hébraïque au sens étroit, comme figure de la loi du monde en général, ou de l'esprit du monde (qu'il participe du judaïsme ou du paganisme). En faveur d'une loi intérieure et spirituelle : Dieu a envoyé dans nos cœurs l'Esprit de son Fils, qui crie : Abba – Père ! ; ou encore, l'amour a été répandu dans nos cœurs par l'Esprit Saint qui nous a été donné (Rm 5, 5).

Sophie Reymond CH-Prilly Loi intérieure et spirituelle, libératrice des lois du monde, dont on peut se demander en quoi et pourquoi elle coïncide avec la venue du Christ, avec la foi en lui. Dieu a envoyé son Fils, né d'une femme et assujetti à la loi, pour payer la libération de ceux qui sont assujettis à la loi. Né d'une femme et assujetti à la loi : dans un premier temps, Dieu se manifeste au cœur du monde, selon la loi terrestre. Dans le Christ, Dieu entre littéralement dans le monde, s'en fait partie prenante, épousant ainsi ce qui caractérise la nature et l'existence humaines, pour le meilleur et pour le pire. Cela pourrait se traduire de différentes manières : lorsque Jésus porte attention aux plus petits, aux mal-portants du corps ou de l'âme, il s'intéresse à ceux que les lois du monde ou de la nature enferment, rejettent ou soumettent ; il dit par son attention la limite des lois, leur dépassement dans l'amour. Lorsqu'il meurt sur la croix, il est de même l'objet des lois du monde, de sa justice et de ses chaînes ; il dit aussi, par le pardon demandé pour ses bourreaux, que la justice humaine n'a pas le dernier mot sur le bien et le mal tels que les lois les définissent ou les instrumentalisent. Que la loi et la justice divines sont autres, fondées sur la miséricorde qui seule peut outrepasser et réconcilier ce que le monde divise, ceux que le monde cherchent à terrasser. La Résurrection couronnera de manière absolue et radicale cet affranchissement des limites d'un monde fini. Plus généralement, on dira que les lois du monde n'ont pas vocation à rendre compte de tout ce qui habite en chaque être, encore moins à épuiser ou combler ses aspirations intimes.

C'est pourquoi, dans un second temps : pour payer la libération de ceux qui sont assujettis à la loi. Comment montrer les limites du monde sans y être ni agir en son sein, en faire l'expérience ultime ? Et par son existence et ses actes, démontrer ses insuffisances, ses erreurs ou sa violence ? Non pas de manière frontale, mais par une subversion interne, quand la mort se retourne en victoire de l'amour.

C'est l'œuvre de Dieu, conclut Paul. A plusieurs niveaux : dans l'initiative première de Dieu d'agir au cœur du monde et en l'intériorité de chacun, comme un Père engendrant sans cesse la vie, révélant son visage de condamnation du

mal à travers la compassion, dans le Christ et du Christ. Et dans cette 'incarnation', Dieu dit son amour de l'être humain dont il n'attend pas qu'il vive dans la peur ni dans l'esclavage, mais à son image, dans une liberté d'aimer, jusqu'à l'extrême. Et dans une communion spirituelle en laquelle, dans la reconnaissance par la foi de cette relation libre et aimante Père-Fils, le Fils présentant et représentant tout être humain, chacun est appelé à vivre. Par grâce : simultanément acquittement et excès de générosité. Voilà l'héritage que Dieu lui-même, dans le Christ, manifeste : par la foi et la confiance, le don d'une liberté ; et voici l'héritier, ou le vrai fils- fille, serviteur-servante de Dieu : qui, dans une totale liberté filiale, accède au don de lui-même, comme une victoire sur le mal.

En ces jours, on ne peut manquer d'évoquer la figure de N. Mandela, figure de liberté intérieure, de la capacité et de la liberté humaines à tendre, si on veut bien se laisser saisir par cet appel, vers le meilleur, de soi et des autres. Et à regarder le film Invictus, on ne manquera pas de noter une même subversion interne : cette équipe de rugby, symbole de la suprématie blanche, aurait pu être supprimée, ses membres remplacés ou son nom changé. Mais elle est devenue, par une victoire expressément voulue par un Noir, celle d'une réconciliation.

Sophie Reymond.

## VAOVAON'NY MKMB

### *\*Vilanitany :*

Efa nanomboka nozaraina tamin'ny krisimasy lasa teo ny vilanitany isam-pianakaviana na isan-okantrano. Mbola maro amintsika (mpikambana mahefa na mpanohan) no mbola tsy nahazo . Mbola azonao alaina ny anjaranao amin'ny Alahady 26 Janoary izao. Tsy adino ny mameno izany hentintsika hanampiana ny akany fitezana zaza any an-tanindrazana syhanatevenana ny kitapon'ny fiombonana amin'ny adidy samihafa efaina . Hangonina amin'ny Alahady 29 Jona 2014 ny vilanitany . Ny fandraisanao anjara amin'ny vilanitany dia midika indrindra ny fiombonanao aina amin'ny mpianakavin'ny finoana ato amin'ny MKMB. « Ny finoana tsy arahin'asa dia foana . »

**Adidy Taona 2014 :** Mampatsiahy antsika mpikambana Mahefa amin'ny adidy isan-taona , mariky ny fanoloran-tenantsika amin'nyasa misionan'ny fiarahamivavaka . Tsy an'olon-dratsy ny adidy ry havana ! ( 20 Euros isan-taona ) Ny tsy fanefana ny adidy mandritra ny roa taona mifanesy dia midika ho fialana tsy ho mpikambana araka ny fitsipipitondrana MKMB. Isika mpikambana mpanohana dia manao izay araka ny nahim-pontsika avy , malalaka .

**\*Tsiahy :**

Mitohy hatrany ny fanoratana anarana ho mpikambana (mahefa na mpanohan) ho antsika vaovao na mbola tsy nanao izany . Misy taratasy fenoina azonao raisina isaky ny fanompoampivavahana : manatona ny Mpitantsoratra ny MKMB Rtoa Claes Mamy Yolande na Rtoa Lanto Andriamahadison . Rehefa fenonao ny taratasy dia azonao averina amin'ireo tompon'andraikitra voalaza ireo .

**\*Fahoriana :** Namoy ny rainy tamin'ny volana Novambra 2013 tany an-tanindrazana Rtoa Razanarisoa Vero (Jambes-Namur). Ny famangiana dia efa natao tamin'ny Alahady 29 desambra lasa teo. Nentina am-bavaka ny fianakaviana rehetra na ny taty ivelany na ny any an-tanindrazana . Tsy mifanary isika mianakavy , indrindra amin'ny fahoriana tahaka izao . Dia ho Isan'iay ny ratsy rehetra ry havana .

**\*Fampaherezana :** Amin'ity volana Janoary sady fiandohan'ny taona ity dia any an-tokanranon'i Martine sy Hery Rasoamanana ny fotoana fiarahamivavaka sy fampaherezana karakarain'ny vaomieran'ny Aimpanahy . Ny Asabotsy 18 Janoary 2014 @ Telo ora folak'andro no hanatanterahina izany koa manasa antsika rehetra , indrindra ny faritra Charleroi-Namur ho tonga amin'izany . Rue Adolphe Chif , 31 Châtelineau 6200 . Aza adino fa misy isaky ny Alakamisy hariva (ao @ Botanique) @ 18h30-20h ny fiombonambavaka .

**\* FIVORIAMBE FAHAROA MKMB :** Antsoina isika mpikambana mahefa sy mpanohana voasoratra anarana ao amin'ny bokin'ny MKMB mba ho tonga sy handray anjara amin'ny fivoriambe faharoa amin'ny taona ny ALAHADY 23 FEBROARY 2014 hoavy izao , manomboka amin'ny Telo ora hariva ( aorian'ny fanompoampivavahana) . Hanavao ny komity hitondra ny fiarahamivavaka imandritra ny roa taona (Fev . 2014-Fev. 2016) isika . Manentana ny tsirairay mba samy ho tonga . Mampatsiahy fa mahazo mandray anjara amin'y fifanakalozan-kevitra ny rehetra (mpikambana mahefa sy mpikambana mpanohana) saingy ny Mpikambana Mahefa (membre effectif) no hany mahazo mifidy . Zahao ny fitsi^pipitondrana : [www.mkmb.be](http://www.mkmb.be).

**FIHAVA OZANA**

**1.** Ho henjakenjana ihany Ny tononkalo izay atolotra Raha toa ianao mamaky izany Aza avindina ny molotra

**2.** Fa teny tsotra avy amin-ka- vana Manoloana ny tantara Tsy mba tia manavangavana Na sanatria hitsaratsara

**3.** Fa dia teny tsy misorona Ka natao ho hadihadiana lalana koa ny vavan'olona Izay mitazana mangina

**4.** Ny taona mantsy ity vaovao Fijerena ny ho avy Ka izao no nde hatao Dia diniky ny mpianakavy

**5.** Raha sendra nisy izay tsy nety Tamin'izay natao rehetra Mba mandiniha vetivety Ka atsangano izay ho fetra

**6.** Raha toa ianao tsy nahatana Nandia tany ka solafaka Satria ny lalana malama Miharena , ho olon'afaka

**7.** Ho anao izay mahalala Fa ratsy ny fahateram-biby Ka antitra vao miha adala Tsy hoe tsy nahy fa safidy

**8.** Aza adino fa tsy ny hatsiaka Akory no hitafiana lamba Na koa hampiderana bika Hakana fanahy karaza-mamba

**9.** Raha mbola eto an-tany Dia tsarovy hatrany hatrany Fa izay mandrora mitsilany Ho lena foana no hiafarany

**10.** Fa ny lasa mbola averina Izay efa naman'ny fahiny Hitondrana latsa miaro nenina Hibabena koa karazan-tsiny

**11.** Koa raha mbola afaka miverina Amin'ny lalan-diso izay nizorana Ario izay mangidy, aza atelina Fa mankarary , mahatorana

**12.** Fa mba jereo ny ankohonana Tazano koa ny an'ny hafa Sao dia difotry ny olana Noho ianao, tsy nohon'ny hafa

**13.** Ts' izay rendrarendra vetivety No hamotehana ny ho avy Fa ny halavan'ny tanety No hifanampiantsika mianakavy

**14.** Ampiakaro ny ambom-po Ampiasao ny fisainana Ary aza asiana lolom-po Ny fanarenana ny fiainana

**15.** Tsy hisy hanao tsindrio fa lavo Ary lazaiko anao marina F' izahay vonona sy ravoravo Hanampy anao ho tafarina

**16.** Koa mahereza mitrakà Izay nianjera mbola hijoro Milofosa, mihatanjaha Amin'ny fo torotoro

**17.** Aza adino kosa anefa Amin'izay atao rehetra Fa tsisy afaka hilefa Rehefa tonga ilay fetra

**18.** Koa arahabaina ary ianao Nahatratra taona vaovao Ka manomboka izao Aoka ho olom-baovao Anao anefa ny safidy Satria... Faniriana ny ahy... fa tsy didy.

*BIEN AIMÉ RAZAFINJATO.*

« Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina»

(ROMANA 12:2)

## UN BRIN D'ESPERANCE (6)

Nous voilà - une fois de plus - devant le clavier.

Au fait, pour dire quoi, puisque nous sommes à la sixième livraison de cet article ?

En premier lieu, pour remercier le Seigneur de nous avoir épargné du fameux « inventaire » de fin d'année et de nous accorder une nouvelle Année, encore pleine de mystères, mais pourquoi pas, d'espérance..

A cet égard, posons-nous la question: Est-ce que notre Seigneur a donné suite à nos prières incessantes et persistantes pour qu'enfin nos vœux de paix et de fraternité soient exaucés, pour que notre pays vive enfin dans la concorde et la prospérité, pour que le peuple malgache puisse manger à sa faim et travailler en toute quiétude ?

Cette énumération est loin d'être exhaustive ; toutefois, voilà bien des questions auquel chacun d'entre nous devrait pouvoir répondre en ce début d'année.

Lors d'une promenade, nous avons rencontré dernièrement un jeune couple malgache accompagné de leur petite fille. A tort ou à raison, ils nous ont snobés, peut-être, ne veulent-ils-pas être reconnus comme tels ?

Ce constat nous a permis (et loin de nous toute idée de faire un procès d'intention) de schématiser comme suit la situation de la diaspora malagasy, quel que soit leur pays d'accueil.

1° Ceux pour qui le «tanindrazana» (Madagascar s'entend) n'est qu'un vague souvenir lointain.

Il y avait même un cas où un jeune joueur de l'émission «QPUC» (anecdote déjà citée dans un de nos articles) avait carrément renié son origine malagasy, malgré l'insistance de l'animateur JLP (Julien Le pers) et comme si il avait honte de l'être.

2° Ceux qui, pour des raisons personnelles, ne s'affichent pas trop sur les questions d'affaires nationales, ou qui vivent en dehors de tout contact avec les «ex» compatriotes, mais sans pour autant, renier leur origine.

De temps en temps, ils rentrent au pays pour visite familiale, par exemple. Il ne faut surtout pas leur en vouloir pour cela.

3° Ceux qui entendent manifester leur appartenance, voire leur patriotisme, sous diverses étiquettes: association, groupement, pour ne citer que notre MKMB.

A l'aube de cette nouvelle Année, nous nous sommes posés la question de savoir si le terme «PATRIE» a encore une signification pour nous, diaspora malagasy.

Peu importe la réponse, car en tant que chrétiens, nous avons le devoir de montrer l'exemple de l'amour du prochain, en général, mais aussi de patriotisme, en particulier.

Chers frères et soeurs, ne cessons pas de prier et d'entonner avec foi et ferveur, le cantique FFPM N° 760 «Aza mba manadino»...( N'oubliez pas nos parents, notre Patrie,

nos dirigeants), mais surtout, nos prières pour que l'Année 2014 soit celle de la Foi et de l'Amour retrouvés.

Que le Seigneur nous bénisse tous!

DADABARY  
PARIS, 29/12/2013.



« Ny volon' elany no anaronany anao, Ary ao ambanin' ny elany no hialofanao; Ho ampinga kely sy ampinga lehibe ny fahamarinany. »

(SALAMO 91 : 6)

« Voninahitra any amin'ny avo Indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany »

(Lioka 2:14)

## HUMEUR JANVIER

### PORTE OUVERTE OU FERMEE

Porte blindée, refermée sur nos trésors, comme la main d'un enfant sur de jolis coquillages.  
 Porte qui claque au son des cris d'une dispute.  
 Porte de bois, volontaire ou non, refus d'ouvrir à l'importun.  
 Porte de luxe, douane sociale, gare de triage des passants et quémandeurs éventuels.  
 Porte de ville, close à la nuit, refoulant les visiteurs tardifs.  
 Porte des pays, forteresses, refusée aux étrangers et étrangers.  
 Porte des races, fermées aux autres couleurs.  
 Porte des cultures, inconnues, incompréhensibles sans effort.  
 Porte des religions, remplies de leurs vérités à ne pas partager.  
 Porte des sexes, source de violence et d'humiliations.

Porte refuge, protection contre le froid et la pluie.  
 Porte cocon, oreiller de paresse devant l'inconnu.  
 Porte ouverte et fermée au gré des caprices.

Porte de mes yeux aveugles.  
 Porte de mes oreilles sourdes.  
 Porte de mes mains fermées.

Porte de la naissance, souffrance et joie, découverte du monde.  
 Porte de la maladie, du handicap, fermée sur une vie « normale ».  
 Porte de la mort, ouverte sur l'inconnu.

Porte de l'amour.  
 Porte ouverte, accueil, famille, amis, inconnus.  
 Porte garnie pour la fête.  
 Porte surprise du coup de main impromptu.  
 Porte du fardeau partagé.  
 Porte main tendue.

Porte de l'Eden, close par la désobéissance.  
 Porte des vierges imprévoyantes, sans huile pour fêter l'époux.  
 Porte, joie des veilleurs prêts à recevoir l'Hôte.  
 Porte du berger qui protège ses brebis.  
 Porte ouverte, pour le repas, avec Celui qui y frappe.  
 Porte étroite, chemin aride, vie éternelle.  
 Porte, croix sur notre chemin.  
 Porte cadeau de Vie.

Porte de l'année, janvier.  
 Porte de la joie.

Porte des vœux.  
 Que le Seigneur vous porte, franchisse la porte de votre cœur,  
 ouvre vos portes à l'air frais de Sa parole !

Y. VANESCOTE .

«Handidy ny fitahiany ho aminao Jehovah amin'ny fitœram-barinao sy izay rehetra atao'ny tananao, ka hitahy anao lzy any amin'ny tany izay omen'i Jehovah Andriamanitrao anao. »

(DEOTORONOMIA 28:8)

Ny Mpiaramiasa rehetra eto amin'ny gazety « **Finoana sy Fahazavana** » sy ny komity mpitantana ny MKMB dia faly miarahaba antsika rehetra tratry ny taona vaovao 2014. Matokia fa momba antsika mandrakariva Andriamanitra tompon'ny Asa. «*Fa ny mason'ny Tompo dia mitsinjo ny marina, ary ny sofny mihaino ny fitarainany, fa ny tavan'ny Tompo dia tezitra amin'ny mpanao ratsy*» (I Petera 3 : 12).

## Histoire

### David Jones, De 1797 à 1841

Dans l'histoire de Madagascar, David Jones est un nom qui représente le début d'un mouvement important, car l'existence des Églises protestantes malgaches date de l'arrivée de cet homme et de son compagnon Bevan à Tamatave le 18 août 1818. Un cent cinquantième anniversaire fut marqué en 1968 par de vastes réunions. Dans l'île, encore maintenant, on parle de lui en disant «le grand Jones, Jaonjilava» surnom qui lui avait été donné pour ne pas le confondre avec un de ses collègues, «le petit Johns, Jaonjifo» dont le nom, bien qu'autrement orthographié était de même consonance. Ce «Jaonjilava» mérite de passer à la postérité à cause de son œuvre linguistique, en particulier la fixation de l'orthographe malgache, et pour la traduction de la Bible en cette langue, entreprise avec David Griffiths.

Jones était né en juillet 1796 à Neuaddlwyd, dans la province de Galles (Angleterre). Après ses études, il avait été recruté par la London Missionary Society (LMS) (Société missionnaire de Londres) et formé à l'école spécialisée de Gosport, où ses dons naturels pour la linguistique furent affinés. Il devait partir en Afrique du Sud, alors que son ami Bevan était prévu pour Madagascar, mais par suite de la défection d'un autre candidat, Jones partit avec Bevan. C'est à partir de l'île Maurice que les deux missionnaires visitèrent Tamatave en août et septembre 1818 et même ouvrirent une petite école le 8 septembre avec huit élèves. Très encouragés par ce début, ils retournèrent chercher leurs familles à Maurice ; Jones était de retour à Tamatave en novembre. Avant la fin de la même année, il avait perdu, par la malaria, sa femme et son enfant. Les Bevan étaient tous emportés à leur tour au début de février. Jones lui-même, très malade, repartit pour Maurice. Ces circonstances, brossées à grands traits, furent déterminantes pour l'avenir du protestantisme dans l'île.

À Maurice, Jones se consacra à l'action scolaire et

religieuse parmi les Malgaches qui s'y trouvaient. En même temps, il étudiait les textes qui constituent depuis ce qu'on appelle la «Collection Farquhar» pour apprendre la langue. Une nouvelle occasion se présenta quand James Hastie fut envoyé comme représentant britannique auprès de Radama 1er.

À peine arrivé à Tananarive, Jones, comme il l'avait fait sur la côte est, ouvrit une école, le 8 décembre 1820, avec trois élèves. Il y fut rejoint par un autre Gallois, David Griffiths, ensuite par d'autres missionnaires, pasteurs et artisans, tels que Chick et Cameron. En 1820, à Tananarive, on aurait pu compter sur les doigts de la main les personnes sachant lire et écrire. Elles utilisaient le sorabé (malgache écrit en caractères arabes) qu'enseignaient des lettres temoro venus de la côte sud-est. Aussi fût-ce une décision d'une très grande importance que celle prise par le roi Radama 1er qui choisit les caractères latins plutôt que les caractères arabes pour écrire sa langue.

L'instruction fut donc diffusée dans la capitale et ses environs autant que les ressources le permettaient. En 1828, on comptait déjà 37 écoles, 44 maîtres et 2 309 élèves. Une «société scolaire malgache» fut créée pour poursuivre cette action et le roi Radama y porta grand intérêt, inspectant lui-même de temps à autre les principales écoles.

L'option pour l'écriture étant prise, Jones et ses collègues se réunissaient avec Hastie et le roi pour discuter de l'alphabet que l'on emploierait. D'autre part, Radama recevait les avis d'un sergent français, Robin, arrivé en 1819 et qui était devenu son secrétaire particulier et son aide de camp. C'est lui qui avait appris au roi à lire, écrire et compter et, le premier, avait écrit le dialecte mérina en caractères latins. Finalement, en 1823, des décisions de grand bon sens furent prises par Radama : on élimina de l'alphabet les lettres faisant double emploi (c, q, x, u, w), on suivait l'usage anglais pour les consonnes (g dur) et l'usage français pour les voyelles, le son ou serait rendu par o et l'i final recevrait un paraphe : y.

Jones et Griffiths travaillaient dur, en dehors de leurs autres tâches, à traduire la Bible en malgache, en se servant d'ailleurs des textes originaux et pas seulement de l'anglais. Même si d'autres leur apportèrent leur aide par la suite, l'ensemble des Saintes Écritures, tel qu'il sortit en 1835 des presses de la LMS est essentiellement leur œuvre. Si l'on se remémore la minceur du matériel linguistique qui est à l'origine de leur travail, on ne peut qu'en admirer le résultat. Cette version de la Bible, premier ouvrage important imprimé en malgache, fut utilisée pendant de nombreuses décennies, jusqu'à la révision complète sous la direction de Cousins un demi-siècle plus tard.

L'équipe missionnaire à laquelle appartenait Jones considérait qu'elle devait se consacrer d'abord, compte-tenu des circonstances, à apprendre la langue à fond et à enseigner, sans négliger pour autant l'œuvre plus proprement spirituelle. Des services religieux étaient célébrés régulièrement le dimanche et semblent avoir été suivis. Jones écrivait : «notre chapelle en ville est pleine et portes et fenêtres sont garnies de gens» qui n'ont pu entrer. Des déplacements aussi avaient permis de visiter les environs et de rencontrer la population assez loin de la capitale ; en 1823, par exemple, Jones et d'autres missionnaires avaient été dans l'ouest et, en 1827, ce même Jones avait accompagné le prince Corroler au Betsilé.

Ces résultats étaient dus à l'appui sans réserve de Radama et aux excellentes relations qu'il avait avec eux.

Mais ce roi ne pouvait aller plus vite que son peuple et ses chefs naturels. C'est ce qu'il voulait faire comprendre à Jones et à ses collègues en leur disant qu'ils ne devaient se hâter que lentement.

La mort prématurée de Radama rendit la situation des missionnaires assez difficile car la politique officielle, sur le plan social et religieux changea profondément.

Jones, en assez mauvaise santé, quitta Madagascar pour l'île Maurice en juillet 1830. Il fit un voyage par mer à Fort-Dauphin, puis retourna en Angleterre, où il passa une grande partie de son temps en tournées pour faire connaître l'action de sa société. Sa santé rétablie, il retourna à Maurice, d'où, en octobre 1838, il alla à Tamatave, mais, comme vingt ans auparavant, il fut terrassé par la fièvre et obligé de repartir dès novembre. Une visite plus importante fut celle qu'il fit à Tananarive en 1840, en compagnie du Capitaine Campbell, attaché commercial de Maurice. Mais le christianisme avait été interdit en 1835 et plusieurs chrétiens mis à mort. Seize chrétiens qui avaient fui vers la côte en 1840 et tentaient de s'embarquer avaient été capturés et ramenés à la capitale. Ils furent condamnés à être sagayés. Jones et Griffiths, le 9 juillet se trouvaient sur leur chemin quand neuf d'entre eux furent conduits au supplice à Ambohipotsy. C'est sur cette vision et ce souvenir que Jones quitta la capitale.

De retour à Maurice, Jones, à nouveau très fortement impaludé, mourut le 1er mai 1841.

*(Cet article, réimprimé ici avec permission, est tiré d'Hommes et Destins : Dictionnaire biographique d'Outre-Mer, tome 3, publié en 1977 par l'Académie des Sciences d'Outre-Mer (15, rue la Pérouse, 75116 Paris, France). Tous droits réservés.)*

## Tsidiho

Serasera hahaliana anao  
«Amboarampeo Ny Avana»

ao amin'ny 

<https://www.facebook.com/groups/164158863636301/>

« Satria Izaho no niraiketan' ny fitiavany, Dia hamonjy azy Aho, Hanandraatra azy ho any amin' ny avo Aho, satria mahalala ny anarako izy »

(SALAMO 91 : 14)

## « RIEN DE NOUVEAU SOUS LE SOLEIL »

Malgré cette maxime pessimiste tirée d'un livre de l'Ancien Testament l'Ecclésiaste, je répondrai comme le philosophe grec Héraclite : « LE SOLEIL EST NOUVEAU CHAQUE JOUR » Tel est aussi mon vœu formulé en ce début d'année 2014 pour chacun d'entre nous ! La pluie et le vent s'étant invités en permanence durant ces fêtes de fin d'année, j'entrepris de me plonger dans un petit livre intitulé « Epopée de Gilgamesh ». Une nouveauté inscrite dans les programmes de l'enseignement secondaire en France, enseignée au même titre que « La Bible », « L'Illiade et L'Odyssée » de Homère, « L'Enéide » de Virgile ou encore « Les Métamorphoses » d'Ovide. Que de textes fastidieux à lire pour des élèves de 12 ans même à cette époque !

Mais aujourd'hui, ce récit fondateur datant de 2.300 avant J.C, désigné comme première œuvre littéraire de l'histoire de l'Humanité, établit un lien évident avec quelques chapitres présents dans l'Ancien Testament. Gilgamesh, fondateur d'Uruk (actuelle Irak), dont les aventures légendaires firent de lui le premier héros de l'Antiquité et ce malgré son caractère belliqueux et impitoyable envers ses ennemis.

Le roi Gilgamesh apparaît dès le début de son règne sous les traits d'un despote, dont la seule préoccupation est de se battre, d'accumuler bon nombre de richesses et tyranniser son peuple. Las de cette oppression, le peuple exhorte ses dieux afin de leur envoyer un messager pour éliminer leur roi. Après avoir livré un combat sans merci, Gilgamesh et le messager, du nom d'Enkidu, se lient d'amitié. Ils décident d'unir leurs forces et partent à l'aventure aux quatre coins de la Mésopotamie.

Mais la mort soudaine d'Enkidu, va remettre en question toute la raison d'être de Gilgamesh. Conscient de sa mortalité, celui-ci décide d'aller à la recherche de Utanapishtim ; le seul humain devenu immortel après le Déluge. Après de nombreuses péripéties, Gilgamesh trouve enfin le refuge du vieux sage, mais Utanapishtim ne lui révélera pas le secret de l'immortalité. Au lieu de cela, Gilgamesh trouvera la Sagesse, la Connaissance de soi et, sans doute, ce qui lui manquait le plus, la révélation de sa part d'humanité.

Revenu chez lui, il comprit alors le sens de son devoir

de roi : protéger son peuple et subvenir à ses besoins. Pour cela, il devait aussi se résoudre à accepter sa condition de mortel comme tous les hommes pour parvenir à cette gloire éternelle qu'il croyait avoir atteinte après avoir livré toutes ces batailles inutiles.

Gilgamesh est devenu, presque malgré lui un héros. Combien de héros avons-nous connus et dont l'histoire avec un grand « H » retiendra le nom ? Un seul me vient à l'esprit, celui de Nelson Mandela qui nous a quittés le 5 décembre dernier. Soyons heureux que notre Terre ait porté un tel homme, un tel père, un tel fils !

Le soleil est nouveau chaque jour.

EDITH BARIJAONA

### Qui es-tu, Seigneur?

(Jésus dit à ses disciples:) Qui dites-vous que je suis? Simon Pierre répondit: Tu es le Christ, le Fils du Dieu vivant.  
(MATTHIEU 16. 16, 17)

Je suis ton créateur. Et tu m'ignores?  
Je suis la lumière. Et tu ne me vois pas?  
Je suis la Parole. Et tu ne m'écoutes pas?  
Je suis la vérité. Et tu ne me crois pas?  
Je suis le chemin. Et tu ne me suis pas?  
Je suis la vie. Et tu ne me cherches pas?  
Je suis le pain de vie. Et tu as toujours faim?  
Je suis le Fils de Dieu. Et tu ne me pries pas?  
Je suis le Seigneur. Et tu ne m'obéis pas?  
Je suis la résurrection. Et tu as peur de la mort?  
Je suis le bon Berger. J'ai donné ma vie pour toi.  
Je suis JÉSUS, ton Sauveur. Veux-tu être délivré?



"Il n'y a pas... sous le ciel d'autre nom qui soit donné parmi les hommes, par lequel il nous faut être sauvés" (ACTES 4. 12).

"Seigneur, auprès de qui irions-nous? Tu as les paroles de la vie éternelle" (JEAN 6. 68).

Chaque expression en italique peut être retrouvée dans la Bible aux références suivantes: Ésaïe 40. 28; Jean 12. 46; 1. 1; 14. 6; 6. 48; 9. 35; 13. 13; 11. 25; 10. 11; 1 Jean 4. 14.

« LA BONNE SEMENCE »

visitez notre site [www.mkmb.be](http://www.mkmb.be)

« Fa raha mbola hisy koa ny farany, Dia tsy ho foana ny fanantenanao. » (Ohabolana 23:18)

**Matokia fa momba antsika mandrakariva Andriamanitra tompon'ny Asa.**

**"Finoana sy Fahazavana" Gazetin'ny MKMB. . "Velona ho an'ny hafa"**

**Fandraharahana :** Liliane Ralaivoavy .

**Fandrafetana sy fanatontosana :** Yves Ralainarivo.

**Mpiaramiasa :** Lalaina Ravelomanantsoa - Holy Ralainarivo - Edith Barijaona - R abarihoela Cyril - Bien Aimé Razafinjato - Fredy Jaofera .

Tomponandraikitra mivantana : Hery Rasoamanana. 0032 495 50 96 59

\* Ny taratasy rehetra dia avantano : [coordinateur@mkmb.be](mailto:coordinateur@mkmb.be)

Tohano ny gazetinao " hampijoro ny hafa".

Izay foinao, arotsaho : compte IBAN:BE 39 0682 2650 3919 BIC : GKCC BEBB. Asio fanamarihana : "Pour le journal Foi et Lumière"